Mifankatiava
tahaka ny fifankatiavan'ny mpirahalahy

Mifankatiava tahaka ny fifankatiavan'ny mpirahalahy », teny izay tsy zovina amintsika intsony izany, efa mahazatra e ! kanefa aoka tsy amaivanina na adinoina satria ny Tompo mihitsy no mandidy antsika ny amin'izany. « Didy vaovao no omeko anareo dia ny mba hifankatiavanareo... Izany no ahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo raha mifankatia (Jaona13.34) »

Aiza ho aiza moa isika manoloana izany tenin'Andriamanitra izany? Aiza ho aiza ny maha-Tompo an'i Jesosy Kristy eo amin'ny firahalahiantsika? Hoy paoly: « Voahombo miaraka amin'ny Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona fa Kristy no velona ato anatiko (Galatiana2.20) » Raha Kristy tokoa no velona ao anatintsika dia izay sitrapony no arahintsika sy tanterahintsika. Fanahy iray ihany no namonjena antsika ho tena iray. Ilay hoe : « tena iray », moa mba tena manandanja amintsika tokoa ve? Moa mba tena tafatoetra ao anatintsika tokoa ve? Matetika ry rahalahy dia ny zavatra mifanohitra amin'izany no mitranga eo amin'ny fiainantsika. Tsy manana firaisana isika, toa izao tontolo izao indray aza no hita fa manana ny « toe-panahy araka an'Andriamanitra » eo amin'izany lafiny maha-mpirahalahy izany. Manarak'izany, tsy manana finiavana mba handroso kokoa amin'izany isika, toa malaina, toa mangatsiaka isika.

Ao anatin'izany nefa dia mbola mamporisika antsika hatrany hibanjina an'i Jesosy : « izay na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra..., fa nofoanany ny tenany..., dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana (Filipiana2.6-8) ». Endrey izany fitiavany antsika! Tena lalina loatra ka na ny saina aza tsy hahatakatra ny fahalehibiazan'izany! Moa ve mba tsapanao izany ry rahalahiko? Ary moa ve tsy ny hanaovantsika toy izany koa no sitrak'Andriamanitra? Anjarantsika no mandinika sy mieritreritra. Raha mbola omen'ny Tompo fotoana isika dia afaka mbola miezaka hatrany. Ny tsy mampifamatotra ny fifankatiavantsika voalohany indrindra manko dia ny fiafahafana, ny fisalasalana, ny

henatra, ny tsy fahatokisanao ny hafa, ny tsy fahafantaranao azy,sy ny sisa rehetra, ka mila hihavaozantsika izany. Ary koa, inona moa no sakana tsy angatahantsika amin'ny Tompo? Izany indrindra aza no antony ananantsika Azy, hampianatra antsika ny zavatra rehetra. Ao koa ny tsy fahaizantsika mamela ny heloky ny hafa indrindra moa fa ny rahalahy, ny tsy fahaizantsika manetry tena, mandefitra, eny fa na dia amin'ny tsy rariny aza. Tsarovy foana rahalahy fa « fahasoavana ny namonjena antsika ».

Marina fa tsy moramora izany, nefa ny Tompo vonona ny hampianatra antsika (Matio 11.29), ary tsy mila voa tsy ary sanatria ka hangataka izay tsy vitantsika. Hoy ny Romana 12: 16-17 « Miraisa saina, aza mihevitra izay hiavonavonana fa aoka mba ho zatra amin'ny fietrena ianareo. Aza manao ny tenanareo ho hendry ... » aoka ho fantatry ny olona fa « manana an'i Jesoa tokoa isika » ary aoka tsy ho adinoina fa ny firahalahiantsika dia fiarovana ho antsika mba hijoro tsara ka tsy ho lavo, ary ny Tompo aza dia mampianatra antsika ihany koa mba hampahery ny reraka, hanarina ny lavo amin'ny fanetre-tena.

Farany dia mampahery antsika ao amin'ny Jesosy Kristy Tompontsika, mba haharitra hatramin'ny farany isika ka hiara-dia, hifampitantana ho any amin'izay efa nampanantenain'ny Tompo ho antsika dia ny fiainana mandrakizay.

RY TANORA KRISTIANINA, MANAO AHOANA NY FITIAVANAO ?

Ny kristianina dia olona izay efa manana an'i Jesoa Kristy ho Tompo sy Mpamonjy azy manokana. Misongadina eo amin'ny fiainany andavan'andro izany amin'ny fankatoavany izay voalazan'ny sitrapon'Andriamanitra. Tsy mba planin'i Jesoa Kristy ho an'ny kristiana mihitsy ny hitsapatsapa sy hivezivezy ary hitety karazan'olona maro vao ho tonga amin'ny fanambadiana. Mampalahelo Azy ny mahita ny fon'ny tanora kristiana simba sy maratra vokatry ny filalaovana fitiavana, ny mahita tanora miroso aloha loatra amin'ny fifankatiavan'olon-droa ka mifandany zara mandritra ny taona maro. Satria tokoa mantsy tsy fantatra mazava intsony ny olona atolotry ny Tompo ho vadin'ny tsirairay raha tafalatsaka aloha loatra amin'io fifankatiavan'olon-droa io. Fahadisoam-panantenana sy ratra lalina no aterak'izany, ary misy fiantraikany indrindra amin'ny fiainam-panambadiana hoavy. Tsy ankasitrahan'ny Tompo ihany koa ny mahita tanora kristiana voageja ka mandeha amin'ny lalana tsy nofaritany akory noho ny fanapahan-kevitra maika loatra.

Sarobidy amin'i Jesoa ny fifandraisan'ny kristiana tsy tapaka Aminy. Miteraka olana eo amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra ny fifandraisana tsy mazava eo amin'ny olona roa. Raha efa tafalatsaka moa ianao dia mahita mihitsy fa ny fisarahana, eny fa na ny adiady majinijinika aza dia mahatonga fahamainana ara-panahy. Ny fiainana anatin'ny ota sy filalaovana fakam-panahy dia tsy tokony ho fiainan'ny kristiana akory. Ny mpianatra iray ohatra, raha vao hanomboka ny fianarana eny amin'ny anjery manontolo, dia manana tanjona manokana, ary ao anantin'izany ny faniriany tsy hiroso amin'ny fanambadiana raha tsy afaka enina taona farafahakeliny. Ka raha ao anatin'izay izy no miditra amin'ny fifankatiavan'olon-droa dia tena ho mafy ny ady atrehiny. Sarotra ny hilazana fa haharitra ny fankam-panahy mandritra ny enina taona izy. Ny fahotana majinijinika izay mety manazatra ao anatiny dia tena mandoto, ary indrindra ny fijangajangana. Io fijangajangana marikoriko io dia lasa tena ankafizina rehefa sangisangiana. Tsy niteny mihitsy ny soratra masina hoe ny kristiana dia tsy mba ho tratry ny fakam-panahin'ny fijangajangana, ka hisy hiseho ho mafy manoloana izany. Davida mpanjaka, izay olona mahatoky aza, dia tratran'izany fakam-panahy izany ka latsaka tao anaty fijangajangana. Tsy sitraky ny Tompo ny hilonana ao anaty fahotana. Mandosira lavitry ny fijangajangana. Ary na i Petera mafana fo aza dia nanome toky an'i Jesoa fa tsy hivadika aminy, nefa lavo ihany satria dia nofo malemy. Ireny dia anatra ho an'ny tanora kristiana avokoa.

Mba hisorohana ny fahotana dia ilaina mandrakariva ny mandeha amin'ny sitrapon'Andriamanitra mazava, izay nasehony tamin'ny nanorenany izao tontolo izao. Voaomana daholo ny saha, ny tontolo, ny fitaovana, ary ny antoky ny fiainana rehetra vao nanao an'i Adama Izy. Ary efa matotra afaka nitandrina ny saha izy vao nomeny vady sahaza azy, dia i Eva izany. I Eva koa tamin'io dia efa vehivavy vonona tsara tamin'ny fanambadiana fa tsy mbola zazakely tsy akory. Te hahita tanora kristiana vonona tsara amin'ny fanambadiana i Jesoa, izay vao hiditra amin'ny fifankatiavan'olon-droa. Fitaovana ampiasain'ny devoly hangejana ny tanora ankehitriny ny fanaovana sipa. Tsy tokony hiara-miasa aminy sy hanome voninahitra izany ny kristiana. Tena tian'i Jesoa Kristy ny tanora kristiana tsy hivesatra ny raharahan'izao tontolo izao, fa hilofo amin'ny hazakazaka napetraka teo anoloany dia ny asa fitoriana sy ny fanaovana ny sitrapony izany (Rom12 :2, Heb12 :1). Miomana tsara eo amin'ny enti-manana sy ny fahavononam-panahy hiainana tokantrano sambatra avy amin'ny Tompo no anjaranao izao. Raha tia ny kristiana dia manaja ny tiany ary tsy manelingelina ny fianarany. Fahendrena lehibe izany ary tsy ananan'izao tontolo izao. Tsy mitondra ny fanambadiana amin'ny fihetseham-po, fa raha izany dia lasa vady daholo izay olona hidobohan'ny fo rehetra. Ambony lavitra noho izay noeritreretina ny vady avy amin'ny Tompo. « Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany » (Mat 6 :33).

Ny rahalahy

JESUS CHRIST, SEIGNEUR DANS MA VIE AMOUREUSE.

Si vous m'aviez posé, quand j'avais 10ans, la question « pourquoi tu n'as pas de petit ami ? », je vous aurais certainement répondu : «mais je suis encore trop petite pour ça ; et puis, je ne suis pas belle comme les autres filles de ma classe, aucun garçon ne voudrait sortir avec moi. En plus, ma mère me tuerait si elle apprenait que j'ai un petit copain ! » Ma mère est une femme avec des principes inébranlables et elle me répétait tout le temps qu'avoir des petits amis me rendrait pauvre ou mendiante ! Je n'y comprenais rien mais j'avais peur quand même.

J'ai grandi et le 03juillet 2002, à 11ans, j'ai reçu Jésus comme mon Seigneur et Sauveur personnel. Depuis ce jour, je craignais deux autres personnes à part ma mère : Jésus, bien sûr, et le Groupe Biblique. J'étais déjà membre active du gbs d'Antsirabe à cette époque. Si donc quelqu'un m'a demandé après ma conversion : «eh, pourquoi n'as tu pas encore de petit ami ? », alors je lui aurais répondu que ce n'est pas bien aux yeux de Dieu et envers le gbs ; de plus je me ferai encore tuer par ma mère, et même si ce n'était pas le cas, qui aurait bien voulu sortir avec moi! J'étais une fille sans estime de soi et je remercie Dieu d'avoir employé cela pour me garder de tout mal !

C'est seulement plusieurs années après que je Lui ai donnée ma vie que le Seigneur m'a fait comprendre que je suis importante et très valeureuse à ses yeux. J'ai donc appris à l'aimer et à être aimée par Lui ; je grandissais dans l'amour de mon Sauveur et dans sa grâce. Il m'a fait comprendre que ma valeur ne dépend pas de ce que pensent les autres ou encore du fait que quelqu'un me dise que je suis sympa ou cool ! Non, nous sommes valeureux puisque c'est le Seigneur qui l'a décidé et c'est un grand privilège.

Si donc maintenant quelqu'un me pose la question : « mais pourquoi tu ne sors pas encore avec personne ? », je lui répondrai donc comme suit : « tu sais, je pourrai sortir avec quelqu'un maintenant mais je ne le ferai pas ! » Jésus est mon Seigneur et je l'aime! Cela signifie que tous les domaines de ma vie sont à Lui ; que ce soit spirituel, intellectuel ou sentimental. C'est Lui qui décide de ce que ma vie est et sera. C'est Lui qui décide de celui qui sera mon époux. Je Lui fais entièrement confiance puisqu'Il en est digne et Il sait plus que moi-même ce qui est meilleur pour moi. Si je décide de quelque chose, c'est de faire sa volonté. Pas par ma force mais par la sienne. Maintenant, c'est encore facile de dire tout cela puisque je ne suis pas pressée de me marier ; mais si jamais il se présente un moment où la pression m'encombre, je sais que Jésus me gardera bien ferme à ses cotés.

Bref, Jésus est Seigneur dans ma vie amoureuse comme dans tous les autres domaines ! Je l'aime et j'attends avec confiance et patience celui qu'Il réserve pour moi. Je le remercie déjà puisque je sais que ce sera le bon ; c'est Dieu qui l'a préparé des années et des années pour moi! Et quand les problèmes surgiront dans notre couple, je ne me dirai jamais : « pourquoi me suis-je mariée avec celui-là ! »

RAKOTONDRANORO Henitsoa Maria.

Un petit homme a interpellé l'attention du Seigneur Jésus pendant sa traversée de la ville de Jéricho. Ce qu'il avait d'extraordinaire était le fait qu'il cherchait à voir Jésus, en s'efforçant avec foi de Le trouver. Ni sa petite taille, ni la foule immense et ni encore le sycomore ne l'a pas empêché d'atteindre son but. C'était la première fois de sa vie d'Homme que Jésus rencontra cet homme ; mais Il est plus qu'un homme pour savoir ce qu'on attendait de Lui. En fait, cet homme faisait partie des raisons de sa présence à Jéricho ce jour-là, de la même manière que nous soyons ce que nous sommes, nous aussi (Psaume 139). [Source : Luc19/1-10]

Nyainariane

Raha mahatsikaritra zavatra hafahafa… INONA NO ATAOKO ?

Fiarahana hafahafa, fifandraisana hafahafa, resaka hafahafa, fitafy hafahafa, … zavatra hafahafa. Mety ho gaga ianao! Mety ho tafitohina! Mety ho tezitra ihany koa! Mety hanontany tena ianao hoe fa nahoana?! Tsy azonao ny antony. Ireto misy toro-hevitra vitsivitsy atolotra anao entina miatrika ireo toe-javatra hafahafa mety hitranga toa izany eny amin'ny fiainana eny, indrindra amin'ny maha-mpirahalahy ao amin'ny Tompo.

Voalohany indrindra dia fandinihan-tena ho anao ny fahitanao zavatra mampiahiahy amin'ny rahalahinao. Izany hoe tsy tokony halady hitsara ny rahalahy isika fa misintona lesona amin'izany aloha. Matoa mantsy ireny miseho dia ianao no tian'Andriamanitra hahita izany fa tsy ny hafa, ary mety misy sitrapony tiany ampitaina aminao amin'izany ka mila mandinin-tena tsara ianao. "Ary nahoana ianao no mijery ny sombin-kazo izay eo amin'ny mason'ny rahalahinao…, esory aloha ny andry amin'ny masonao, ary amin'izay dia ho hitanao tsara ny hanesorana ny sombin-kazo eo amin'ny rahalahinao" (Lioka 6:41-42).

Tsy vitan'izany ihany, ny tsara indrindra dia ny mandeha mangataka fanazavana aminy mivantana, amim-pahendrena, rehefa mahatsikaritra zavatra tsy mazavazava amin'ny rahalahy ianao, fa tsy manao be filaza any amin'ny hafa. Satria zanaky ny mazava sy zanaky ny andro, tsy an'ny alina na an'ny maizina isika dia tokony handeha araka ny mazava mandrakariva (ITes5:5). Anisan'ny fanehoam-pitiavana lehibe ataonao aminy mantsy ny firesahanao mahitsy tsy miolakolaka fa tsy fankahalana azy tsy akory, ary tena tsy diso mihitsy ianao raha toa ka mandeha mangataka fanazavana aminy, na dia mety hanafintohina azy aza izany satria "azo itokiana hahasoa ny fery ataon'ny rahalahy, fa teny fitaka ny fanoroan'ny fahavalo" (Ohab27: 6). Ny fanaovanao io dingana io dia anisan'ny fampitomboam-pifankatiavana sy fanamafisampihavanana misy eo aminareo roa tonta.

Ankoatr'izany, tompon'andraikitra voalohany amin'ny rahalahinao ianao ka tokony tsy ho tafandrimandry amin' izany zava-mitranga aminy izany. Adidinao ny miaro ny rahalahy ary adidin'ny rahalahinao ny miaro anao tsy ho lavo. Tandremo ny mieritreritra na dia kely fotsiny aza hoe: "moa mpitandrina ny rahalahiko va aho?" Aza mihevitra ny rahalahinao ho lehibe amin'ny zavatra rehetra ianao satria ny tsirairay dia samy manana ny fahalemeny avy, eo ihany koa ny zana-tsipika alefan'ilay ratsy entina handavoana antsika kristianina isan'andro. Hoy mantsy ny ao amin'ny IPetera 5: 8 hoe: "Mahonona tena, miambena, fa ny devoly fahavalonareo dia mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany". Eny fa na dia ny kristiana heverinao ho antim-panahy aza. Anaro foana ny rahalahy rehefa hitanao fa tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny ataony voalaza amin'ny Hebreo 3:13 mantsy hoe: "fa mifananara isan'andro, raha mbola atao hoe anio; fandrao hisy aminareo ho tonga mafy fo noho ny famitahan'ny ota". Efao ny adidinao fa sao dia adinin'ny Tompo aminao izany. (…)

Tsiresy Mampionona.



ilay Teny

Ny teny,
Ilay feo adika,
Anehoana izay ao am-po
Maneho tsy misy tomika
Ny asan'Ilay Ray Tsitoha.

Fa misy teny Iray,
Dia ilay Zanaky ny Ray.
Ilay teny tonga nofo,
Dia Jesosy Tompo

Izy no Ilay fiandohana
Izy no Ilay fiafarana.
Fototry ny fifanekena,
Antoky ny famonjena

Izy no ilay voasoratra ho taratasy
Voadika amin'ny teny gasy
Miparitaka maneran-tany
Mamaky azy na ny olona ambony na ny ambany



Io ilay tena fanilo
Miaro anao amin'ny tsilo
Mirehitra tsy mety maty
Manazava izay rehetra ao anaty

Ilay teny lavorary tanteraka
Mampahery izay rehetra reraka
Manitsy izay hadalana
Maneho ireo fahotana

Teny manitsy izay diso
Manoritra ny mety ho ampitso
Saintsainina raha vao maraina,
Mirakitra Ilay mofon'aina

Teny tsy mety lany andro
Sainina raha mbola hoe : « andro »
Manoritra lalam-pamonjena
Misarika handini-tena

Ilay Teny tena atao hoe « vatsy »,
Hiainana, hanoherana ilay ratsy,
Teny mandrindra, mandamina,
Ny fiainan'ny kristianina

Ilay teny natao hanitsiana
Ilay teny natao hifaliana
Ilay teny natao hohajaina
Fa fototra sy loharanon'aina

Ilay teny tononin'ny maro
Kanefa ahodiny, ka mifangaro,
Amin'ireo tenin'ny tany,
Izay tsy maharitra fa mandalo ihany

Io ilay Teny maharitra mandrakizay
'Lay Teny nateraky ny Ray
'Lay Teny mampianatra ny fahendrena
'Lay Teny famonjena

Notahina R.

Ny tena fitiavana

Fitia tsy mba hetra
Sy tsy misy fetra
No tena fitia !
Tsy kivazivazy
Na koa rainazy
Mba sanatria
Tsy namboarimboarina
Fa tena marina
Re ny fitia !
Efa noheverina
Dia tsy an-kiverina
Toa lalam-by
Rehefa miroso
Dia miara-milofo
Dia miara-mandia
Miara-mifaly
Miara-mijaly
Ny mpifankatia
Miara-tafita ...
Dia miara-mahavita
Ny natao sonia
Tsy misy milefa
Fa miara-manefa
Anie izy ity e !
Nifanambady,
Nifanao voady
Dia voamasina
Fa tsy miafina
Tamin'ny Ray,
Zanaka sy Fanahy !

Raha toa ka lazaina ny fanambadiana :
Raharahan'olon-droa lasa am-pianakaviana
Rehefa dinihina sy tena jerena
Misy aza lasa raharaham-pirenena
Ka dia hevero ho laniera tsara
Aleo mba hiakatra ny alitara
Diniho anie ny Genesisy e !
Toko faharoa : roapolo efatra amby,
Voalamina tsara fa tsy mba misy
Ny kitoatoa na koa sangisangy

Tsiry